

ee AF-01-21
see PV
N° 104
✓
20



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitievery - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-104

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY MIKASIKA
NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-016/2020 TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2020,
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA, TAONA 2021**

Fivoriana faha-18
Natao ny
- Sabotsy 12 Desambra 2020 -
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Sabotsy 12 Desambra 2020 tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021.

-1-

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mitohy ny fivoriantanika; miarahaba antanika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao.

Maro tamin'ny Solombavambahoaka no nandeha tany amin'ny toerana izay nahalany antanika tsirairay avy. Arahabaina tonga indray ianareo androany maraina.

Arahabaina torak'izany koa ny solotenan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izay tonga manatrika eto. Arahabaina tahak'izany koa ianareo teknisiana avy amin'izany Minisitery izany.

Alohan'ny hirosoana amin'ny votoatin-draharaha, iangaviana ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

Ramatoa RAFENOMANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Angatahana ampanajana samy hanonona ny anarany ny Solombavambahoaka mba ahafahana manamarika ny fahatongavany.

AFAKANDRO Alphonse

.....

.....

.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Vita, Ramatoa Filoha.

- 3 -

- Fanamarihana momba ny fiovàn'ny fandaharam-potoana -**Ramatoa FILOHA**

Misaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra nanamarika ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka teo isika.

Mialohan'ny hirosoana amin'ny votoatin-draharaha, tiako ny milaza amintsika fa nisy fiovàna ny volavolam-pandaharam-potoana izay vao nozaraina tamintsika teo noho ny fandinihana fanindroany (deuxième lecture) ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021, izay nasian'ny Antenimierandoholona fanitsiana. Handraisantsika fanapahan-kevitra eto izany androany, mba ahafahan'ny Antenimierandoholona indray manana fotoana handinihana azy ity manomboka androany amin'ny fe-potoana 5 andro omena azy. Noho ny fanajana ny Andininy faha-58, andalana faha-4 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ahafahantsika manatanteraka izao fivoriana mikasika ny fanitsiana nataon'ny Antenimierandoholona izao.

langaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky izany volavolam-pandaharam-potoana izany.

- 4 -

- Famakiana ny volavolam-pandaharam-potoana -**Ramatoa RAFENOMANTSOA Tsirimaharo Ny Aina****ORDRE DU JOUR COMPLETANT CE ADOPTE LE MERCREDI 09 DECEMBRE 2020****Samedi 12 Décembre 2020****10H 00: Commission Plénière (Salle des Séances/AN)**

Projet de loi n°016/2020 du 30 octobre 2020 portant loi de Finances pour 2021 (Deuxième lecture)

11H 30: Séance Plénière - (Salle des Séances/AN)

Projet de loi n°016/2020 du 30 octobre 2020 portant loi de Finances pour 2021 (Deuxième lecture)

Le reste sans changement

Vita, Ramatoa Filoha.

- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Ramatoa Mpitantsoratra, namaky ny volavolam-panovàna ny fandaharam-potoanantsika.

Handraisantsika fanapahan-kevitra izany ny momba ity volavolam-pandaharam-potoana vaovao ity.

Izay manaiky io fanovàna io, iangaviana mba hanangana ny tànany.

- Solombavambahoaka miisa 57 no nandany -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ity fandaharam-potoana vaovao ity.

Izao isika dia hiroso aminy fivorian'ny Vaomiera Itambarambe. Koa omena ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy Tetibola ny fitarihana ny fivoriana ary rehefa vita izany, hiroso amin'ny fivoriambe avy hatrany isika handaniana io volavolan-dalàna io.

Azafady, manao satroka ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao. Misaotra ny Filohan'ny Vaomiera ihany koa amin'ny fahavononany hitarika ny fivoriana aorian'izao.

Ny fahitako azy Ramatoa Filoha, ity lalàna holaniantsika ity dia efa anisan'ny nandaniana fotoana, nandaniana ron-doha tato amin'ity Antenimierampirenena ity. Koa amin'ny maha olon-dehibe antsika Solombavambahoaka, sanatria isika tsy hanao toy ny lelon-jaza ka hitranga mihemotra eto. Te-hiditra amin'ny fitazonana ny fanapahan-kevitra efa noraisintsika Solombavambahoaka miisa 97 tato amin'ny Antenimierampirenena aho, satria raha ny fijerinay azy, tsy manana zavatra hovaina tamin'ny efa nolaniantsika amin'ny maha olon-dehibe antsika isika. Koa amino aho, fa tokony hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny isika; rehefa avy eo, miroso amin'ny fandania sy fitazonana ny fanapahan-kevitra efa noraisina araka ny voalazako teo.

Ramatoa FILOHA

Misaotra, anao Andriamatoa Solombavambahoaka, nanao an'izay fanamarihana izay.

Sao mbola misy manana fanamarihana mialohan'ny hialanay etỳ amin'ny toerana fitarihana fivoriana satria hamonjy ny toerana maha Solombavambahoaka tsotra anay izahay.

Tsy nisy nanana fanamarihana intsony, fa niroso tamin'ny fivoriana itambarambe ny mpivory.

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana.

Ramatoa FILOHA

Mitohy ny fivoriantika.

Izao isika dia hiroso hatrany amin'ny fivoriambe handinihana fanindroany (2^{ème} lecture) mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021 isika izao.

Koa miangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola mba hamaky ny tatitra momba izany.

Mandroso eto anolona ianano hamaky ny tatitra, Andriamatoa Mpampakateny. Omena anao ny fitenenana.

- 6 -

- Famintinana ny tatitry ny Vaomiera Itambarambe-**Andriamatoa TASARADIA Marco**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Rehefa nivory ny Solombavambahoaka tamin'ny "commission plénière" tamin'ny Asabotsy 12 Desambra 2020, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, teo izay notarihan'ny Filohany, Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy; niroso avy hatrany tamin'ny fiarahabana ny mpivory ny Filohan'ny Vaomiera ary naroso ny "amendement" nataon'ny Antenimierandoholona.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny tsangan-tànana hoe: hotazonina amin'ny endriny nandanian'ny Antenimierampirenena azy ny volavolan-dalàna momba ny Tetibola taona 2021 na ny "Loi de Finances Initiale pour 2021".

Niroso tamin'ny tsangan-tànana tamin'izay fotoana izay ary lany fa hajanona amin'ny endriny nandanian'ny Antenimierampirenena azy ny "Loi de Finances Initiale pour 2021".

Fivoriana natao ny Asabotsy 12 Desambra 2020.

Ny Mpampakateny, Andriamatoa TSARADIA Marco.

- Fanamarihana momba ny tatitra -**Ramatoa FILOHA**

Isaorantsika, Andriamatoa Mpampakateny tamin'izay tatitra natao teo izay.

Hiditra amin'ny fanamarihana an'izay tatitra nataony teo izay isika izao.

Sao misy manana fanamarihana hatao ny Solombavambahoaka.

Manangan-tànana dia omena fitenenana izay manana fanamarihana.

Rehefa tsy misy Solombavambahoaka manangan-tànana dia omena ny solotenan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bolam-panjakana ny fitenenana.

Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena,
Isika Solombavambahoaka rehetra.

Mialatsiny raha mandray fitenenana eto ny solotenan'Andriamatoa Minisitry.

Izahay avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Tompoko, tsy manana fanamarihana momba ny tatitra natao teo.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa solotenan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Tompokolahy sy Tompokovavy, vita izay ny mikasika ny tatitra koa miangavy anao, Andriamatoa Mpampakateny, mba hamonjy ny toeranao.

Arahana tehaka mirefodrefotry ny Solombavambahoaka namanao izany.

- Tehaka -

Mbola omena fitenenana ihany, Andriamatoa solotenan'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hamelabelatra ny mikasika ny iverenan'ity lalàna ity eto amin'ny Antenimierampirenena androany.

- Famelabelarana ny anton'ny niverenan'ny volavolan-dalàna -**Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Nanatrika ny fivoriana nataon'ny Loholona tokoa ny tenanay, ka ireo voasoratra ireo no "amendement" nentin'izy ireo mikasika ity volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 ity.

Niezaka ihany izahay nandresy lahatra an'ireo Loholona, fa tsy nohenoin'izy ireo ny fanazavana teknika napetrakay; na ireo «chiffres» nolazain'izy ireo tamin'ity «amendement» ity aza tsy avy taminay Minisitry.

Tarehimarika avy tamin'izy ireo no hitantsika eto. Izahay kosa, Tompoko, nitazona ny anareo ho fanajana ny «décision» noraisinareo taty amin'ny Antenimierampirenena. Noho izany, nitazona ny volavolan-dalàna izahay tamin'ny endriny tsy nasiana fanitsiana.

Nandray ny fanapahan-kevitra ny Antenimierandoholona, ka izay no nahatonga ity “amendement” ity niverina indray na lasa “2^{ème} lecture” atỳ amin'ny Antenimierampirenena. Koa averiko eto indray, izahay dia mitazona ny fanapahan-kevitra avy atỳ aminareo Antenimierampirenena.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Hetra, izay misolotena ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny isika, ka sao misy handray fitenenana amin'izany adihevitra ankapobeny izany ny Solombavambahoaka.

Manangan-tànana ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert, voafidy tao Antananarivo faha-IV.

- 9 -

- Adihevitra ankapobeny -

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Faly miarahaba antsika rehetra.

Efa voatenin'ny namana avy any Manandriana teo ny tiana hambara.

Isika angamba tsy handany andro amin'ity satria efa nolaniantsika teto ity. Manahirana raha mbola hiresaka ny zavatra efa nolaniantsika eto ihany isika.

Mba tiako hampitaina amin'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fanirianay raha teo izy androany, tsy haiko hoe: inona no tsy nahateo azy. Ampitaina aminareo ao amin'ny Minisiteran'ny Tetibola, fa tsy “chèque en blanc” no omenay anareo, fa ny fahatongavanay eto amin'ny andro Sabotsy dia mi-“claquer des doigts” izahay. Rehefa ilainareo izahay, Tompoko dia tonga, saingy tsorina aminareo fa izahay manana alahelo kely momba anay sy ny volanay; isaky ny mihetsika, ohatran'ny hoe iangaviana foana ny “Finances” vao tonga ny zo amin'ny solika tokony hiasanay. Mba iangaviana, Tompoko, atao ohatran'izao ny fitiavana omenay anareo. Ny hitiavanareo anay amin'izay atao rehetra; na amin'ny fandraisana antso amin'ny finday na amin'ny fifandraisana tsotra izany.

Holaninay ity raharaha manga ity sady hataonay mitapolaka mihitsy ny fandaniana azy.

Misaotra Tompoko.

Miarahaba ny Loholona lany satria mbola izahay mianakavy koa no ao amin'ny Antenimierandoholona.

- Tehaka -

Ramatoa FILOHA

Misaotra tamin'ny fandraisana fitenenana nataon'ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert teo.

Satria tsy misy fanontaniana hapetraka intsony isika; asa na mbola hamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert, Andriamatoa Tale Jeneraly.

Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ny valin-teny dia voaray Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, fa hampitainay amin'ny isan-tokony ny hetahetanareo Solombavambahoaka.

Misaotra Tompoko.

- 10 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Tale Jeneraly, misolotena ny Minisitra.

Tompokolahy sy Tompokovavy satria tsy misy manan-kambara intsony, ka hiroso amin'ny fijerena ireo fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona tamin'ity volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020, momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-pankajana, taona 2021 ity isika.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fandania fanindroany dia miompana tanteraka amin'ireo andininy izay tsy nampitovy hevitra ny Antenimiera roa tonta ny adihevitra.

Ireto avy ireo nasian'ny Antenimierandoholona fanovàna:

Ny andininy faha-2, toko faha-6: "taux de la taxe: art 06.01.12"

Tsy noraisin'ny Vaomiera Itambarambe io fanovàna io.

Izay mandany an'izay, atsangano ny tàmàna.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tàmàna -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa nolavin'ny Antenimierampirenena ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Ny andininy faha-6: «Tableau de Répartition par Institutions et Ministères»

Tsy noraisin'ny Vaomiera Itambarambe io fanovàna io.

Izay mandany an'izay, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa notsipahan'ny Antenimierampirenenana ny fanovàna nataon'ny Antanimierandoholona.

«Tome 2, 71 MINSAN, 710 Santé, 506 Service et Développement de la mère et de l'enfant, 073 Appui au programme élargi de vaccination (RPI)»

Tsy noraisin'ny Vaomiera Itambarambe io fanovàna io.

Izay mandany an'izay, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa notsipahan'ny Antenimierampirenenana koa io fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona io.

«Tome 2, 21 MEF, 220 Finances et Budget, 114 Gestion du budget, 187 Provisions sur opérations d'investissements (RPI):

Tsy noraisin'ny Vaomiera Itambarambe io fanovàna io.

Izay mandany an'izay, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa notsipahan'ny Antenimierampirenenana io fanovàna nataon'ny Antenimieradoholona.

«Tome 2, 41 MAEP, 480 Agriculture et Elevage, 411 Agriculture, S17 Projet d'appui pour l'amélioration de la productivité et de l'industrialisation secteur riz à Madagascar».

Tsy noraisin'ny Vaomiera Itambarambe io fanovàna io.

Izay mandany an'izay, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa notsipahan'ny Antenimierampirenenana io fanovàna nataon'ny Antenimieradoholona.

Ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarintsika amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ity volavolan-dalàna ity izao.

Koa izay mandany ity fanitsiana nentin'ny Antenimierandoholona mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 oktobra 2020 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021 ity, atsangano ny tànana.

- Tsy misy -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tàna -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa notsipahan'ny Antenimierampirenena ny fanovàna nentin'ny Antenimierandoholona tamin'ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny Lalàna mifehy ny Tetibola, taona 2021. Izany hoe, ny fanapahan-kevitra ny Antenimierampirenena tamin'ny fandaniana voalohany no notazonina tamin'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna.

Taorian'izay fandaniana ny volavolan-dalàna izay, omena fitenenana ny solotenan'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola raha toa misy teny tiany hambara.

Omena anao ny fitenenana Tompoko.

Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra

Misaotra Ramatoa Filoha.

Isaorana ianareo Solombavambahoaka ato amin'ny Antenimierampirenena fa nanao ny adidinareo tokoa ianareo.

Nantsoina ianareo tamin'ny andro Sabotsy noho ny tombotsoa ambonin'ny firenena dia notanterahanareo ny adidinareo. Koa mendrika fisaorana sy fankatelemana tokoa ianareo amin'izany fandraisana andraikitra izany.

Faharoa, raha ny marina, tokony ho eto Andriamatoa Minisitry, kanefa nampitondra fialantsiny izy tamin'ny tsy fahafahana nanatrika anareo androany.

Misaotra Tompoko.

- 11 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Isaorana, Andriamatoa Tale Jeneral, misolotena ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin'ny fandraisany fitenenana nataony teo.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia ampahatsiahivina isika fa amin'ny Alatsinainy faha-14 Desambra 2020 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana handinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-005/PL "invitant le Gouvernement à modifier la Décret N°2007-479 du 30 mai 2007 portant préséance protocolaire lors des cérémonies officielles" izay atolotry ny Solombavambahoaka VOAANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette, voafidy tao amin'ny Distrikan'Isandra.

Amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivoriamben'ny Vaomiera Manokana misahana ny Fiangana Manoloana ny Fitsarana Avo mba hanazavany ny asany ary arahin'ny fanapahan-kevitra ny Antenimierampirenena.

Farany, amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny Antenimierampirenena izay tarihin'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fizakan-tany mikasika ny fifanolanana ara-tany izay misy any amin'ny Distrikan'i Manakara.

Koa manentana antsika samy havitrika hamonjy ireo fivoriana ireo.

Miato hatreo ny fivoriantanika.

Misaotra Tompoko.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 12 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona